


fandidiana roa nahomby sy ny fampidiana azy tany amin'ny hôpitaly nandritra ny herinandro maro, dia afaka nody tany an-trano izy. Mihatsara izy ary mitohy izany fihatsarany izany hatrany amin'ny fahasitranana tanteraka. Afaka namonjy ny Fivoriamben'ny Zatovovavy Maneran-tany tamin'ny Asabotsy lasa teo izy ary maniry ny hanatrika fivoriana iray na roa amin'ity faran'ny herinandro ity. Raha ny marina tamin'ny minitra farany dia niteny izy hoe "Handeha aho anio!" Ary dia io izy! Miray fo amiko izy amin'ny fanehoana fankasitrahana ny Raintsika any andanitra sy aminareo rehetra noho ny vavaka nataonareo sy ny firarian-tsoa mba ho sitrana nataonareo azy.

Ankehitriny, ry rahalahy sy anabavy dia tonga eto isika handray fampianarana sy fitaomam-panahy. Miarahaba anareo izay vaovao ato amin'ny Fiangonana izahay. Ny sasany aminareo dia sahirana amin'ny olana, amin'ny fanamby, amin'ny fahadisoam-panantenana, amin'ny fahaverezana. Tia anareo izahay ary mivavaka ho anareo. Hafatra maro ahitana ireo karazana lohahevitra ara-pilazantsara maro, no hatolotra mandritra ny roa andro. Ireo lehilahy sy vehivavy izay hiteny aminareo dia nikatsaka ny fanampian'ny lanitra momba ny hafatra izay homen'izy ireo.

Mivavaka aho mba ho feno ny Fana-hiny isika eo am-pihainoana sy eo ampandraisana fampianarana. Izany no vavaka ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika, amena. ■



Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Herin'ny Fisoronana

Tsy manana ny tanjaka izay tokony hananany ny fisoronana ary tsy banana izany raba tsy tafaorina mafy tsara ao amin'ireo fianakaviana ny herin'ny fisoronana

Hiresaka amin'ireo raimpianakaviana aho ary ireo fianakaviana na aiza na aiza misy azy ato amin'ny Fiangonana.

Taona maro lasa izay, nanomboka ny fivoriana fifanaovana tatitra teo ambany fitarihan'ny Filoha Harold B. Lee izahay. Tamin'izany fotoana izany dia nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ankehitriny isika dia milasy hanohitra ireo karazana ota, sy faharatsiana, ary fahalotoana marobe indrindra hatrizay, izay miangona eo anoloan'ny masontsika. . . . Ilay tetik'adintsika hamonjena ny fanahin'olombelona dia tsy antsika. [Tonga avy amin'ny] fitaomam-panahy sy fanambarana avy amin'ny Tompo izany."¹

Nandritra izany taona maro nanaovana fivoriana fifanaovana tatitra izany dia novaina tanteraka ny fomba firafitry ny Fiangonana. Naverina narindra ny fandaharam-pampianarana manontolo. Naverina nofaritana ny tanjona sy ny fifandraisan'ny vondrona tsirairay. Ilay teny manan-danja nandritr'ireo taona fifanaovana tatitra sy fanavaozana ny rafitra ireo dia hoe *fisoronana*.

Niresaka momba an'i Gideona, mahery fo iray tao amin'ny Testamenta Taloha koa ny Filoha Monson. Voafidy hitarika ny tafik'i Israely i Gideona,

izay an'arivony maro sy matanjaka. Kanefa tao anatin'izy rehetra dia lehilahy 300 ihany no nofidiny.

Nanana fomba hafakely nifantenana ireo izay horaisiny i Gideona. Rehefa misotro rano eo amin'ny renirano ireo lehilahy, dia ny ankamaroan'izy ireo, dia "nandohalika . . . hisotro rano." Handalovany fotsiny ireo. Ny sasantsany kosa nandroaka ny rano tamin'ny tanany ary nisotro izany, no sady mitotra ho malina hatrany. Ireo no voafidy.²

Miaina ao anatin'ny andro ahitana "ady, tabataban' ady ary horohorontany any amin'ny toerana samihafa"³ isika. Araky ny efa naminaniana, dia "ao anaty korontana ny tany manontolo,"⁴ ary "mivezivezy eran-tany i Satana."⁵ Mikatsaka ny hanapotika izay rehetra tsara sy marina izy.⁶ Izy no Losifera izay noroahina tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra.⁷ Eo anatrehan'izany rehetra izany isika dia manana fahatsapana tena tsara mikasika izay zavatra mbola ho avy.

Naharesy ny tafika kelin'i Gideona satria araky ny voalaza dia "samy nijanona teo amin'ny fitoerany avy [izy ireo]."⁸

Ity "fitantanan'ny fotoam-pahafenoana"⁹ ity dia niantomboka tamin'ny fisehoan'ny Ray sy ny

Zanakalahiny tamin' ilay zazalahikely Joseph Smith.¹⁰ Taorian' izany dia nasehon' ny anjely Môrônia tamin' i Joseph ny toerana nandevenana ny takelaka mitahiry ny Bokin' i Môrmôna.¹¹ Nomena ny hery handikana azy ireo i Joseph.¹²

Nandritry ny fandikana dia namaky momba ny batisa i Joseph sy Oliver Cowdery. Nivavaka izy ireo mba hahafantatra ny zavatra tokony ho atao.¹³ Teo dia nisy anjely mpitondra hafatra niseho tamin' izy ireo, dia i Jaona Mpanao Batisa. Nomeny azy ireo ny Fisoronana Aharôna “izay mihazona ny fanalahidin' ny fanompoan' ny anjely sy ny an' ny filazantsaran' ny fibebahana ary ny an' ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana.”¹⁴

Ny Apôstôly Petera sy Jakoba ary Jaona, izay tena akaiky ny Tompo nandritry ny iraka nataony dia niseho nanarak' izany ary nanome an' i Joseph sy Oliver ny fisoronana ambonimbony koka,¹⁵ na ny “Fisoronana Masina araka ny Lamin' ny Zanak' Andriamanitra.”¹⁶ Ny fisoronana, araky ny fanazavana ao amin' ny soratra masina, dia nantsoina araky ny anaran' i Melkizedeka, ilay mpi-sorona avo lehibe izay nandoavan' i Abrahama ny fahafolonkarenany.¹⁷

Lasa fahefana nampiasain' izy ireo izany. Nanana ny herin' ny lanitra rehetra izy ireo tamin' ny alalan' ny fanalahidin' ny fisoronana. Nodidiana hitondra ny filazantsara manerana ny tany rehetra izy ireo.¹⁸

Tsy mora hatramin' izay ny miaina ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Tsy mora izany fony fahavelony ary tsy mora koa izany tamin' ireny fotoana niantombohan' ny Fiangonana ireny. Niharan' ny fijaliana sy fanoherana mivaivay ireo Olomasina fahiny.

Efa nihoatra ny 180 taona izay no namerenana ny fisoronana. Manakaiky ny 14 tapitrisa ankehitriny ny isan' ny mpikambana. Na dia izany aza dia ampahany kely ihany isika raha oharina amin' ny olona an-davitrisony maro eto an-tany. Kanefa mijanona amin' ny maha-izy antsika isika, mahafantatra ny zavatra fantatsika ary tokony handroso hatrany hitory ny filazantsara.

Nilaza mazava ny Bokin' i Môrmôna fa tsy ho maro an' isa velively isika. Kanefa isika dia manana ny herin' ny fisoronana.¹⁹



Nanoratra ny mpaminany Nefia hoe: “Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny fiangonan' ny Zanakondrin' Andriamanitra aho, ary ny mpikambana tao dia vitsy . . . ; kanefa nahatazana aho fa niely patrana tambonin' ny tany rehetra koa ny fiangonan' ny Zanakondry dia ny olomasin' Andriamanitra; ary kely ny fanapahany tambonin' ny tany.”²⁰

Nilaza ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: “Na dia volaza aza fa . . . vitsy isika raha oharina amin' izao tontolo izao, kanefa oharina amin' ny masirasira izay nolazain' ny Mpamonjy isika, izay hanome masirasira [na hampitom-bo] an' izao tontolo rehetra izao.”²¹

Isika dia afaka, ary hahavita tokoa amin' ny fotoana mahamety izany, hitaona ny olombelona rehetra. Ho fantatra hoe iza isika sy inona no maha-izy antsika. Mety ho sarotra inoana izany. Mety ho sarotra tanterahana kanefa tsy vitan' ny hoe azo tanterahina fotsiny fa tena hisy tokoa ny fotoana handresentsika ilay ady hatrehina amin' i Satana.

Taona maro lasa izay dia nanao lahateny aho izay mitondra ny lohate-ny hoe: “Inona no Tokony ho Fantatry ny Loholona Tsirairay: Fanazavana Fohifohy momba ny Fitsipika Hitantana ny Fisoronana.” Taty aoriana rehefa ho avoaka boky izany dia novai-ko ny lohateniny ka lasa hoe: “Inona no Tokony ho Fantatry ny Loholona Tsirairay—sy ny Rahavavy Tsirairay koa.”²²

Ampidiriko ao ny rahavavy satria zava-dehibe ho an' ny tsirairay ny mahatakatra ny zavatra andrasana amin' ireo rahalahy. Raha tsy ataontsika izay hahaliana ny reny sy ny zanakavavy ary

ny rahavavy—izay manana hery fitaomana amin' ny vadiny, ny rainy, ny zanakalahiny—ary ny anadahiny dia tsy afaka ny handroso isika. Hamery ny heriny lehibe tokoa ny fisoronana raha toa ka ataontsika tsinontsinona ireo rahavavy.

Ny fisoronana no fahefana sy hery izay nomen' Andriamanitra ireo lehilahy eto an-tany mba hanaovana ny Asany.²³ Rehefa ampiasaina araky ny tokony ho izy ny fahefan' ny fisoronana dia hanao izay ho Nataony ireo mpihazona ny fisoronana raha toa ka teto an-tany Izy.

Nahavita asa tsara isika teo amin' ny fizarana ny *fabefan'ny* fisoronana. Manana ny fahefan' ny fisoronana isika izao izay saika any amin' ny toerana rehetra. Manana kôlejin' ny loholona sy mpisorona avo isika maneran-tany. Saingy nihazakazaka nialoha lalana ny fanomezana ny *fabefan'ny* fisoronana, araka ny eritreritro, raha oharina amin' ny fizarana ny *herin'ny* fisoronana. Tsy manana ny tanjaka izay tokony hananany ny fisoronana ary tsy hanana izany raha tsy tafaorina mafy tsara ao amin' ireo fianakaviana ny herin' ny fisoronana.

Nanambara ny Filoha Harold B. Lee hoe: “Amiko dia *tsy manan-tsafidy* ny Fiangonana—ary tsy hanana mihitsy—ankoatry ny fanampiana bebe kokoa ny *fianakaviana* amin' ny fanatanterahana ny iraka masina nampanaovina *azy*, tsy hoe satria izany no lamina ny lanitra, fa kosa satria izany no fandraisana anjara *mabomby* indrindra azontsika hatao ho an' ireo tanorantsika—dia ny hanampy

hampivoatra ny karazan'ny fiainana iainana ao amin'ny tokantranon'ny Olomasin'ny Andro Farany. Na dia manan-danja aza ireo fandaharan'asa maro sy ezaka araky ny rafitra misy dia *tsy tokony* hanolo ny ao an-tokantrano ireo; fa tokony *hamampy* ny zavatra atao ao an-tokantrano.”²⁴

Nanambara izao zavatra izao ny Filoha Joseph F. Smith mikasika ny fisoronana ao an-tokantrano: “Ao an-tokantrano dia ny ray hatrany no miha-zona ny fahefana hiahy, ary tsy misy fahefana hafa ambonin'izany ao amin'ireo raharahan-tokantrano sy eo amin'ny fianakaviana. Mba hanehoana maza-va ity fitsipika ity dia ampy angamba ity zavatra nitranga iray ity. Indraindray dia antsoina hanompo eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny fianakaviana ny loholona sasany. Mety misy filohan'ny tsatòka, na apôstôly, na mpikambana ao amin'ny fiadidiana voalohan'ny Fiangonana mihitsy eo anivon'ireo loholona ireo. Tsy azon'ny ray atao raha ny tokony ho izy ny mihataka ka mian-dry ireo loholona ireo hitantana izany ôrdônansy manan-danja izany. Mijoro eo ny ray. Zony sy adidiny ny miahy izany. Tokony hifidy izay iray hanao ny fanosorana ny menaka izy, ny iray izay hitondra ny vavaka ary tsy tokony hatsapa izy fa satria misy manampahefana mpiahy ny Fiangonana eo dia hiala aminy ny zo hitantanana izany fitahian'ny filazantsara izany ao an-tokantranony. (Raha tsy eo ny ray, dia ny reny no tokony hangataka izay manampahefana eo handray ny fitantana.) Ny ray no miahy eo an-databatra, rehefa mivavaka ary manome ny fitarihana amin'ny ankapobeny mikasika ny fiainan'ny fianakaviana na iza na izao eo.”²⁵

Nandritry ny Ady tany Vietnam, dia nanatontosa karazam-pivoriana maro izahay ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana izay voantso hanao miaramila. Taorian'ny fivoriana toy izany tany Chicago, raha iny nijoro teo akaikin'ny Filoha Harold B. Lee iny aho dia nisy tovolahy Olomasin'ny Andro Farany nilaza tamin'ny Filoha Lee fa nahazo fotoana hamangiana ny fianakaviany izy ary avy eo dia hanainga ho any Vietnam. Nangataka ny Filoha Lee izy mba hanome tsodrano azy.

Taitra aho raha niteny ny Filoha Lee

hoe: “Ny rainao no tokony hanome tsodrano anao.”

Tamim-pahadisoam-panantenana tokoa no nilazan'ilay tovolahy hoe: “Tsy ho hain'ny raiko izany manome tsodrano izany.”

Hoy ny navalin'ny Filoha Lee azy: “Mandehana mody, ry zanako lahy, ary lazao ny rainao fa handeha ho any an'ady ianao ka te-handray ny tsodrano avy amin'ny ray. Raha tsy mahalala ny tokony ho atao izy dia lazao azy fa hipetraka eo ambonny seza iray ianao. Hijoro ao aoriana izy ary hametraka ny tanany eo ambonny lohano ary hila-za izay rehetra tonga ao an-tsainy.”

Nandeha nody tamim-pahakiviana ilay miaramila vao herotreronny.

Roa taona taty aoriana dia nifanena taminy indray aho. Tsy tadidiko hoe taiza izany. Nampahatsiahiviny ahy izany zava-nitranga izany sady nilaza izy hoe: “nanao arak'izay nampanaovina ahy aho. Nazavaiko tamin'ny raiko fa hipetraka eo ambonny seza aho ary hametraka ny tanany eo ambonny lohako izy. Samy heniky ny herin'ny fisoronana izahay mianaka. Lasa tanjaka sy fiarovana niatrehako ny ady naharitra amam-bolana izany.”

Nisy fotoana iray hafa tany amin'ny tanàna lavitra ny nisy ahy aho. Taorian'ny fihaonambe iray dia nanendry sy nanokana ireo mpitarika izahay. Teo am-pamaranana dia nanontany ilay filohan'ny tsatòka hoe: “Afaka manendry zatovolahy iray ho loholona izay handeha hanao asa fitoriana ve isika?” Mazava ho azy fa eny no valiny.

Rehefa nandroso ilay zatovolahy dia nangataka rahalahy telo izy mba hanaraka azy sy hijoro hanatanteraka ny fanendrena azy.

Tsikaritro tery amin'ny seza aoriana indrindra tery nisy lehilahy nitovy tsy misy valaka tamin'ity zatovolahy ity, ka nanontany aho hoe: “Dadanao ve iry?”

Hoy ilay zatovolahy hoe: “Eny.”

Hoy aho: “Ny Dadanao no hanendry anao ho loholona.”

Nandà izy sady nilaza hoe: “Ka efa nisafidy rahalahy hafa ange aho hanendry ahy e.”

Hoy aho hoe: “Ry tovolahy, ny dadanao no hanendry anao ary hisaotra ny Tompo ianao indray andro any noho ny tamin'ity andro ity.”

Ary dia nandroso ilay ray.

Soa ihany fa loholona izy. Raha tsy mbola loholona izy dia ho nomena azy haingana izany! Any amin'ny miaramila izany dia antsoin'izy ireo hoe fampiakarana galona noho ny fahabangana. Indraindray ny zavatra toy izany dia atao ato amin'ny Fiangonana.

Tsy hain'ity ray ny fomba hanendrena ity zanany lahy. Napetrako teo amin'ny sandriny ny tanako ary nampiako izy nandritry ilay ôrdônansy. Rehefa vitany izany dia voatokana ho loholona ilay zatovolahy. Kanjo zavatra nahatalanjona no nitranga avy teo. Nifamihina ilay ray sy ilay zanakalahy, fa niova tanteraka. Hita taratra mazava fa tsy mbola nisy ny toy izany hatramin'izay.

Hoy ilay raim-pianakaviana, tao anaty ranomaso, nanao hoe: “Tsy mba nahavita nanendry ireo zanako lahy hafa aho!”

Eritrereto ny halehiben'ny zavatra tontosa raha oharina tamin'ny hoe olon-kafa no nanendry azy, eny fa na dia Apôstôly aza.

Raha toa ka manenika an'izao tontolo izao ny fisoronana dia izahay kosa miantso ny loholona sy ny mpisorona avo tsirairay, ny mpihazona ny fisoronana tsirairay, mba hijoro *amin'ny toerany misy azy avy*, toy ny tafika kelin'i Gideona miisa 300 nefa mahery vaika. Ilaintsika ho fohazina ilay herin'ny fisoronan'ilay Tsitoha izay ao amin'ny loholona sy mpisorona avo tsirairay, ao amin'ny kôlejy sy vondrona tsirairay ary ao amin'ny raim-pianakaviana isaky ny tokantrano.

Nilaza ny Tompo fa “ny zava-malemy amin' izao tontolo izao dia handroso sy handavo ireo zava-mahery sy matanjaka.”²⁶

Ny mpaminany Nefia dia niresaka koa mikasika “ny herin' ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidi-na tamin' ny olomasin' ny fiangonan' ny Zanakondry sy tamin' ny vahoakan' ny fanekempihavanan' ny Tompo izay naely patrana tamin' ny lafiny rehetra tamin' ny tany; ary,” ary nilaza fa “nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra tamim-boninahitra lehibe.”²⁷

Mila ny tsirairay isika. Ireo trotraka sy ireo osa na malaina, eny hatramin'ireo izay rakotry ny heloka, dia tokony haverina amin'ny alalan'ny fibebahana



sy ny famelan-keloka. Betsaka loatra ireo rahalahy ao amin'ny fisoronana no miaina tsy araky ny tombontsoa lehibe ananany sy tsy araka izay andrasan'ny Tompo aminy.

Mila mandroso hatrany isika, amim-pahatokiana ilay hery lehiben'ny fisoronana. Loharanon'ny tanjaka sy faharisihina ny mahafantatra ny mahazizy antsika sy ny zavatra ananantsika ary ny tokony hataontsika ao amin'ny asan'ilay Tsitoha.

Nilaza ny Tompo hoe: "Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampanantena-iana areo."²⁸

Ireo tokantrano tsy ahitana fisoronana dia natao ho tandrovana sy karakara-ireo kôlejy ao amin'ny fisoronana. Amin'izany fomba izany dia tsy hisy fitahiana tsy ho voarain'ny fianakaviana rehetra ato am-piangonana.

Taona maro lasa izay dia tafavory teo amin'ny fandrian'ilay vehivavy Danoà efa antitra iray ny fianakaviany. Teo anivon'izy ireo dia nisy ny zanakalahiny be sitrapo izay efa bebe taona ihany. Nandritry ny taona maro dia nipeltraka tao aminy foana izany zanakalahiny izany.

Niangavy tamin-dranomaso izy hoe: "Mama a! tsy maintsy velona ianao. Mama a! tsy afaka mandao anay ianao." Hoy izy: "Mama a! tsy afaka ny handeha ianao. Tsy avelako handeha ianao."

Nibanjina ny zanakalahiny ity reny kely ity ary hoy izy niteny araky ny

fitenin'ny Danoà azy hoe: "But ver is yo powah?"—aiza ny herinao e!

Nilaza i Paoly fa isika dia "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apôstôly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; "Ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo:

"Ary ao aminy no miaraka aorina koa hianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy."²⁹

Tsy fanontaniana ilaina apetraka ny hoe handresy ve ny asan'ny Tompo. Efa zavatra mipetraka ny hoe tokony hanangona ny ezaka rehetra azontsika atao sy hiray hina isika.

Miaraka amintsika ny herin'ny fisoronana. Taorian'ny tatitra rehetra nifanaovana sy ny lamina rehetra natao dia andraikitsika ankehitriny ny mampiasa ny *berin'ny* fisoronana ao am-piangonana. Azo avy amin'ny fanendrena ny *fabefan'ny* fisoronana. Azo avy amin'ny fahatokiana sy fankatoavana araky ny fiainana ny fanekempihavanana ny *berin'ny* fisoronana. Mivoatra amin'ny alalan'ny fampiharana sy fampiasana ny fisoronana amim-pahamarinana izany.

Ankehitriny ry ray dia tiako ny hampahatsiahy anareo ny maha masina ny antsonareo. Manana ny herin'ny fisoronana avy amin'ny Tompo ianao reo mba hiarovana ny tokantrano-areo. Hisy ny fotoana izay hijoroan'izany hery izany ho hany sisa ampinga hanelanelana ny fianakavianareo sy ny fanafihana ataon'ny fahavalo. Handray

ny fitarihana avy amin'ny Tompo ianao reo amin'ny alalan'ny fanomezampahasoavan'ny Fanahy Masina.

Tsy dia manakorontana firy ny fotoam-pivavahana ato am-piangonana ny fahavalo, na misy aza angamba izany dia mahalana. Amin'ny ankapobeny dia afaka miangona malalaka tsy misy manakorontana isika. Kanefa izy sy ireo mpanara-dia azy dia mavitrika tokoa amin'ny fanafihana ny tokantrano sy ny fianakaviana.

Ny tanjona faratampon'ny fiaramientana rehetra ao amin'ny Fiangonana dia ny mba hahazoan'ny lehilahy sy ny vadiny ary ny zanany fahasambarana ao an-tokantrano ary hiarovana azy ireo amin'ny alalan'ny fitsipika sy ny lalàn'ny filazantsara, sy hamehezana azy ireo soa aman-tsara ao amin'ny fanekempihavanana'ny fisoronana mandrakizay.

Ny lalàna sy fitsipika ary hery rehetra, ny finoana rehetra, ny ôrdônansy sy fanendrena rehetra, ny fanekempihavanana rehetra, ny toriteny rehetra sy ny Fanasan'ny Tompo rehetra, ny torolalana sy fanitsiana rehetra, ny famhezana, ny antso, ny fisaorana ary ny asa fanompoana—ny tanjona faratampony katsahin'ireo rehetra ireo dia ny hahalavorary ny tsirairay sy ny fianakaviana, araka izay nolazain'ny Tompo hoe "Izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."³⁰

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny herin'ny fisoronana izay

nomena ny Fiangonana mba hiarovana sy hitantanana antsika. Ary satria manana izany isika, dia tsy matahotra ny hoavy. Ny tahotra dia mifanohitra amin'ny finoana. Mandroso hatrany isika. Mahazo antoka fa ny Tompo dia mitsinjo antsika, indrindra indrindra ny fianakaviana. Momba Azy no ijoroako ho vavolombelona, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Amena ■

FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, "Correlation Brings Blessings," *Relief Society Magazine*, Apr 1967, 247.
2. Jereo Mpitsara 7:4-8.
3. Mòrmòna 8:30; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26; Joseph Smith—Matio 1:23, 28.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26; jereo koa Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:91.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14.
6. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:22-23.
7. Jereo Apòkalypsy 12:7-9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:36-37; 76:25-26.
8. Mpitsara 7:21.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:30.
10. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:17.
11. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:33-34, 59.
12. Jereo pejina-dohatenin'ny Bokin'i Mòrmòna; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3.
13. Jereo Joseph Smith—Tantara 1:68-69.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1.
15. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:12-13.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:3.
17. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:2-4, jereo koa Hebreo 7:1-4; Al-mà 13:15.
18. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:58.
19. Jereo 1 Nefia 14:14.
20. 1 Nefia 14:12.
21. Joseph Fielding Smith, tao amin'ny Tatitry ny Fihanonambe, Ôkt. 1968, p. 123.
22. Jereo Boyd K. Packer, "What Every Elder Should Know—and Every Sister as Well: A Primer on Principles of Priesthood Government," *Tambuli*, Nòv. 1994, 15-24.
23. Jereo *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 141; Dikan-tenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:28-31, ao amin'ny Bible appendix.
24. Harold B. Lee, "Preparing Our Youth," *Ensign*, Mar. 1971, 3; nampiana soramandry.
25. Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, 5th ed. (1939), 287.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:19.
27. 1 Nefia 14:14.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10.
29. Efesiana 2:20-22.
30. Mosesy 1:39.



Nataon'i Julie B. Beck

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

"Ary na dia ny Mpanompo vavy aza dia Handatsahako ny Fanahiko amin'izany Andro izany"

Fantatsika fa mahomby isika raba miaina toy izany mba bahafabantsika bahay sy bahazo ary bahafantatra ny fomba fanarahana ny Fanahy.

Tamin'ny taona lasa dia nifankahita tamin'ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany an'arivony tany amin'ny firenena maro aho. Lava ny lisitry ny fitsapana atrehan'ireo rahavavy ireo sady manahirana. Misy ireo olana eo amin'ny fianakaviana, sedra arabola, loza voajanahary, voina sy aretina. Maro ny fandraboriboriana ary tsy ampy ny fiadanana sy ny fifaliana. Na dia eo aza ny hafatra malaza entin'ny haino aman-jery, dia tsy misy olona manantsaina izany mihitsy ka hoe afaka miala amin'ny zavatra andalovana eto an-tany.

Ny fanontaniana apetraky ny rahavavy dia matotra sy mampisaina. Manambara fisalasalana ny amin'ny ho avy izy ireo, alahelo noho ny tsy fahatanterahan'izay nandrindrana, fisalasalana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ary fihenana'ny fahatsapana amin'ny fahamendrehan'ny

tena manokana. Maneho ihany koa ny faniriana lalina ny hanao ny marina izy ireo.

Nitombo tato anatiko ny fijoroana ho vavolombelona lehibe momba ny lanjan'ny zanakavavin'Andriamanitra. Zavatra maro no miankina amin'izy ireo. Nandritra ny fitsidihana nataoko niaraka tamin'ireo rahavaviko dia nahatsapa aho fa tsy mbola nisy filàna fampitomboana ny finoana sy ny fahamarinana manokana noho ny amin'izao fotoana izao. Tsy mbola nisy filàna tokantrano sy fianakaviana matanjaka noho ny amin'izao fotoana izao. Tsy mbola nisy zavatra betsaka azo atao hanampiana ny hafa izay ory noho ny amin'izao fotoana izao. Ahoana no fomba ahafahan'ny tsirairay mampitombo finoana, sy manamafy orina ny fianakaviana ary manolotra fialofana?¹ Ahoana no ahitan'ny vehivavy amin'izao androntsika izao valiny amin'ireo